# Nosongonan'i François Lebon i Jean de la Croix

Votsotra tamin'ny Malagasy ny anaramboninahitra ho an'ny lehilahy. Ilay Renioney François Lebon izay 42 taona ary nahazo ny medaly volamena tamin'ny Lalaon'ny Nosy 2011 tany Seisela no tafiditra lah-2 rehefa nahavita ny 42,195km tao anatin'ny 2.26. Nosongonany efa taty amin'ny 2km farany Rakotomalala Jean de la Croix izay nahavita fotoana 2.28. Tany amin'ny lah-3 kosa ilay sangany malagasy, Andriamparany Hajanirina (2.35). Nahazo ny lah-1 tamin'ny andriambavilanitra kosa Ratianasoa Landinirina nahavita fotoana 3.18.15, lah-2 Ramanatenasoa Marinah (3.21.26) ary lah-3 Razafimahatratra Elyse (3.22.08). Marihina fa 1 500 000 ariary ny loka ho an'ireo lah-1, iray tapitrisa ariary ho an'ny lah-2 ary 6 hetsy ny lah-3. Mikasika ireo vokatra hafa. Lah-1 tamin'ny "Foulee Ecolo" nirefy 11km ho an'ireo manana kara-pilalaovana i Mampitraotsy avy amin'ny Cospn (33.29), lah-2 i Manongosoa mbola Cospn hatrany (34.15) ary lah-3 i Heritsara mpihazakazaky ny Cosfa (34.41). Ho an'ny vehivavy, lah-1 i Stania (43.63), lah-2 Rabemihoatra Oliva - Cnaps (43.42) ary lah-3 i Nirina Marthe - 3FB (44.26). Ho an'ireo tsy manana kara-pilalaovana, sokajy lehilahy, lah-1 Ramarolahy Benjamin (38.14), lah-2 i Elyse Rolland (38.21), lah-3 i Andrihavana Bruno (38.47). Ho an'ny vehivavy, lah-1 Ravaomalanto Harivony (51.36), lah-2 Rasoanandrasana Anatole (52.40) ary lah-3 Rasoarimalala Nicole (52.49). Vokatra tamin'ny handirun (11km), lah-1 tamin'ny lehilahy i Solomon (42.21), lah-2 i Malakia (47.29), lah-3 i Jean Claude (53'27). Teo amin'ny vehivavy, lah-1 i Mbola (1.18.11), lah-2 i Francisca (1.21.48), lah-3 i Lanto (1.27). Nisy ihany koa moa ny hazakazaka "Maratoons" natokana ho an'ireo ankizy izay nirefy 1,5km nihodidina ny araben'ny fahaleovantena.